# Facebook
## Mitanila ny fitondran-dRajoelina 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 18 avrily 2019 Laharana 900 Vidiny : 400 Ar


## Antsirabe 4
### Hiavaka hatrany ny fankalazana ny Paska


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Fasan'ny Karana, Boriboritany faha 4 2

# Hatao modely ny trano fandraisana mpandehan'ny KOFIFI hoy Ravalo






### FETRA SY NAINA CHIEF, TIM BORIBORITANY V 2
## Arofanina ny fisian'ny depiote manana foto-kevitra samy hafa



### Mpianatra ho mpitsabo 6
## Manome 24 ora ny fitondrana handovana ny tambin-karamany

### Andranoambo Andohatapenaka II, Boriboritany I 5
## Nahazo foto-drafitrasa momba ny rano sy ny fidiovana avy amin'ny CUA

### Vololona TIM Boriboritany faha-6 2
## Tontosa ny fitsaboana ny fony nanaovana tolo-tanana

### Daka kely
Tsy misy mpividy kay ny vary moran'ialahy ry Boaikely a !

### Tranombarotra Baolai 7
## Hiavaka ny entana ao aminy amin'izao fetin'ny paska izao



FASAN'NY KARANA, BORIBORITANY IV

# Hatao modely ny trano fandraisana mpandehan'ny KOFIFI hoy Ravalo



Nampahafantatra tamin'ny fomba ofisialy ny Kandidan'ny TIM.K25 ao amin'ny Boriboritany faha-IV, Ramboasalama Emilien, sy ny mpiara-dia aminy, tao amin'ny Fasan'ny Karana, toby fiantsonan'ny Taksibrosy Anosizato ny filohan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ny filoha Marc Ravalomanana omaly . Nosafidiana manokana ny FASAN 'NY KARANA araka ny fanambaràna nataon'ny kandida Ramboasalama Emilien satria ny fitondràna Ravalomanana no nametraka sy nanolotra io toerana io ampiasain'ireo mpitatitra . Vaky vava ny filoha Ravalomanana nandritra ny fandalovany teny an-toerana nahita ny faharatsian'ny fotodrafitr'asa, nefa lalana fandalovan' ireo vahoaka manerana an'i Madagasikara ity toby lehibe ity. Koa na tsy mpanao lalana aza ny solombavambahoaka dia tsy afaka hijery fotsiny aho hoy ny kandida Ramboasalama Emilien amin'ny maha olompirenena ahy, fa handray an-tanana amin'ny fanamboarana ny fiantsonana sy ny lalana ao an-toerana araka ny fanambaràna nataony raha nandray fitenenana izy . Teo ihany koa no nitafatafa tamin'ireo mpampiasa ity toerana ity ny filoha Marc Ravalomanana, hasiana fanamboarana hoy izy ny trano fandraisana ireo mpandeha, ka ny koperativa KOFIFI, mankany Toliara sy Faradofay no hatao modely ho tahafin'ny koperativa hafa. Teo ihany koa no nanomezany toromarika ny mpiasan'ny kaominina amin'ny maha mpanolotsaina manokan'ny ben' ny tanàna azy, ny mba hanesoran'izy ireo ny fako misavovona ao an-toerana, sy ny fanadiovana ny lakandrano. Ny tolakandro ihany dia efa tonga teny an-toerana ny avy amin' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) nanadio ny teny an-toerana, izay efa fanaony ihany izany, ary hitohy hatrany izany fanadiovan'ny CUA ny toby fiantsonan'ny fiarakodia ao amin'ny Fasan' ny Karana izany.

***Helisoa***

Fetra sy Naina Chief, TIM Boriboritany V

# Arofanina ho an'ny mpitondra ny fisian'ny depiote manana foto-kevitra samy hafa

Mitohy hatrany ny hetsika fampahafantarana azy ireo, ataon'ny kandidàn'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ao amin'ny Boriboritany faha-5 dia i Fetra sy Naina Chief. Hoezahina ho vcoatsidika avokoa hoy izy ireo ireo fokontany rehetra ao amin'ity Boriboritany ity, mandritra ny fampahafantarana mialoha ny kandidà, na ny pré-campagne. Nandritra izany, nitondra ny fahitany ny zava-misy amin' izao fotoana ny kandidà depiote TIM.K25, Naina Chief, momba io fifidianana depiote ho avy io. "Amiko dia mbola fandementsaina sy fiheverana ny vahoaka ho zazakely tsy misaina mihintsy ny filazana, fa tokony ho TGV/Mapar/IRD avokoa ny depiote, koa maninona moa raha tonga dia tendrenareo izy io raha izay tokoa no izy e! Tsy mahatsara zavatra aza ve ny fisian'ireo depiote tsy mitovy fijery amin'ny mpitondra mba ho arofanina amin'ny fanararaotam-pahefana sy ny fihoaram.pefy", hoy izy.



*Naina Chief, kandidà depiote TIM.K25 ao amin'ny Boriboritany faha-5.*

***Isambilo***

Mpiandraikitra foibe Fjkm

# Hivory hanomboka ny 24 Aprily ho avy izao



Mpiandraikitra foibe Fjkm miisa zato no hivory eny amin'ny Cfd Ampandrana ny 24 hatramin'ny 1 mey 2019 ho avy izao. Misy mpitandrina sy laika izy ireo. Zavatra maroloha no hodinihina mandritr'ireo andro ireo toy ny fanendrena mpitandrina sy mpampianatra, ny fandraisana fanapahan-kevitra samihafa izay handraisana fanapahankevitra ihany koa. Ny filohan'ny Fjkm, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi no hitarika izany fivoriana izany eny amin'ny Cfd Ampandrana ary fivoriana faha-6 izy io taorian'ny synoda lehibe notanterahina tany Antsirabe farany teo. Andrasana arak'izany ny ireo zavatra maro hodinihina sy handraisana fanapahan-kevitra momba izany fivoriana izany.

***Rajo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

CENI SY HCC

## Tsy mahafehy ny fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana ataon'ireo kandidà

Na ny Ceni, na ny Hcc dia efa samy nilaza fa tokony hajaina ny lalàna mifehy ny fifidianana. Ohatra amin'izany ny fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana sy ny fanajana ny zon'ny mpifidy sns… Mbola misy ny kandida miseho amin'ny vahoaka ary mampahafantatra ny momba azy sy efa milaza an-kolaka sahady hoe izaho no kandida natolotr'izao ohatra. Misy mody mizara zavatra, manao famoriam-bahoaka, mandresy lahatra ny vahoaka amin'ireo praograman'asany raha tonga eo amin'ny toerana izy, sns… toy izay nitranga tany amin'ny faritr' Ankazobe ohatra dia natolotra mihitsy ilay kandida, izay nilaza fa kandidàm-panjakana ary nampahafantarina ihany koa ireo praograman'asany, sns… arahana vakodrazana sy hiragasy toy ny efa fampielezan-kevitra mihitsy fa ny miteny hoe fidio no tsy natao tamin'izany. Hita fa tsy voafehin'ny CENI sy ny HCC ny zava-misy. Mbola nampivory mpampianatra sy tompon'andraikitra samihafa ihany koa nanentanana zavatra samihafa. Tsy ny tany Ankazobe ihany, fa maro ireo kandida no miseho vahoaka sy mizara zavatra ary mody manao asa soa, na dia tsy hita hatramin'izay aza. Samy te-ho lany avokoa moa ka tsy maintsy atao izay handresena lahatra ny vahoaka mpifidy isaky ny fokontany. Mbola sarotra arak'izany ny hifehezana ny fampielezan-kevitra mialoha, na ny hetsika mitovitovy amin'izany raha mbola izao no misy eto. Ny lalàm-pifidianana mihitsy no tokony hiova ary efa maro ny mpanao pôlitika sy fikambanana no mitaky azy io . Hatreto anefa dia mbola io lalàm-pifidianana io no hajaina sy ampiharina, ka samy mizaka ny vokany eo avokoa ny rehetra.

***Rajo***

Vololona TIM Boriboritany faha-6

# Tontosa ny fitsaboana ny fony nanaovana tolo-tanana

Tontosa soa aman-tsara ny fitsaboana ny fony natao tamin'I Vololona mpitolona tao amin'ny Magro Behoririka, sady avy amin'ny vehivavy TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6. Tao aorian'ny tsipaipaika nataon'ny avy amin'ny antoko, ny tapaka sy namana isan-tsokajiny, tafapetraka soa amantsara ilay fitaovana fitsaboana ny fony, antsoina hoe: Pace Maker. Noho izay antony izay: nanambara i Vololona: "misaotra ny Tompo fa vita soa aman-tsara ny fitsaboana izay natao tamiko, ary maneho fankasitrahana ireo rehetra izay nanampy. Mbola ao anatin'ny fakana aina aloha aho izao fa dia mankahery anareo namana rehetra ny tenako amin'ny fanohizana ny tolona amin'izao fihazakazahana ho amin'ny fifidianana depiote izao. Mbola mamerina ny fisaorana be dia be anareo rehetra nanampy, na ara-bola, na ara-pitaovana, na ny ara-moraly fa ny tsy kely indrindra dia ny nitrotroanareo am-bavaka", hoy izy.

***Ny Valosoa***



*Vololona, avy amin'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6.*

Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy mila ampiandrasina ny famahana ny olana ara-tsosialim-bahoaka

Miditra amin'ny volonandron'ny fankalazana ny Paska isika ankehitriny, izay fety kristiana kanefa lasa fety oniversaly. Ny fiitaran'izany fety izany ihany koa anefa no lasa nahazoan'ny resa-barotra laka. Miditra amin'ny resaka vola eo ny raharaha. Hatreto ny vahoaka Malagasy dia miaina ao anaty fahantrana ny 90%. Izany hoe, amin'ny Malagasy 10 dia ny 9 amin'ireo ao anaty fahantrana avokoa. Tsy mbola voavahan'ny fitondrana Rajoelina io ankehitriny, tsy lavina fa mbola vao efa-bolana izay no nitondrany izy sy ny ekipany, kanefa tsy mbola hita mangirana ny ho amin'izay fihatsaran'ny sosialim-bahoaka izay amin'ny ankapobeny. Tsy araka ny anarana amin'ny hoe "lamasinina haingam-pandeha", na ny fanatosahana volabe nandritra ny fampielezan-kevitra izay natao sary hoe any ny vola hanavotana ny Malagasy ao anaty fahantrany. Toa mitovy amin'ny rehetra mpitondra ihany hatreto ity fitondrana mijoro ity raha ny zava-misy hatreto aloha no jerena. Tsy tokony hisy araka izany ny fihamboana isaky ny mihetsika sy mandeha amin'ny toerana samihafa, fa aleo ny asa vita no ifampitsarana eto.
Nambara fa ny dia naleha tany ivelany, anisany, ohatra, ny fandehanana tany Sénégal, sy tao Maorisy; dia tena hanavotra ny firenena tokoa ve? Tsy tokony hohadinoina velively ihany koa, fa ny fanampiana, na fampindramana ara-bola ataon'ireo manana tahirim-bola toa ny FMI, na ny Banky iraisampirenena, ny Banky afrikana momba ny fampandrosoana (BAD), ny Vondrona Eoropeana, sns… dia tsy mandehandeha ho azy akory. Matoa ny Nosy Maorisy niala tamin'ireo mpampindram-bola ireo ary tafavoaka ara-toekarena dia misy antony ao ambadika ao. Ny zanabola amin'ireny koa dia tsy tokony hadino fa mavesatra. Ahoana moa no hieritreretana ny amin'ny hoe i Shina dia nampindram-bola antsika tamin'ny fanamboarana ny lalana teny amin'ny namakivaky tanimbary nipaka amin'ny digy iny tamin'ny fotoanan'ny frankôfônia ka ato anatin'ny 25 taona no hamerenana azy? Manahirana ny mieritrerita an'izany. Fa raha aravona, mbola voafatotra soa aman-tsara ara-toekarena ny firenena ary tsy mbola hita ny vahaolana mazava sy feno fahendrena lalina ataon'ny fitondrana, ka hampitraka ilay vahoaka Malagasy sahiran-dava.

***Sôh'Son***

**NELSON TEHIVOATSE**

# Fahamaizan'ny Notre Dame de Paris, mampalahelo ny toetsain'ny Malagasy sasany

Milaza ny fahitany ny tranga nisy tato ho ato, teto amin'ny firenena sy tany ivelany, i Nelson Tehivoatse, olom-pirenena avy any amin'ny tapany atsimon'ny Nosy iny. Tamin'ny janoary 2019 hoy izy, may kila forehitra ny bazary tao Amboasary Sud, faritra Anôsy. Maro ny MALAGASY traboina tany amin'iny faritra atsimo iny noho io loza nitranga io. Sanatria tsy mandatsa ny fahavoazan'ny frantsay amin'ilay Notre Dame fa ity TOETSAINTSIKA MALAGASY no mampalahelo ahy.



*Ny fahamaizana nitranga tany Amboasary Atsimo.*

1 - Fanontaniana mipetraka ho antsika rehetra: MBA FANTATRAREO ATY amin'ny VILLE VE NY FISIAN'IZY IO?
2 - Mba nalahelo mitovy amin'ny alahelonareo amin'ny fahamaizan'ny NOTRE DAME DE PARIS ve ianareo?
Ny tiako hahatongavana dia izao: mampalahelo ahy ny toetsain'ny Malagasy sasany, manavakavaka sy tsy miraharaha ny iray tanindrazana aminy. Efa impiry izay ny loza niseho aty atsimo aty fa toa hoe tsy dia misy dikany loatra amin' ny sasany, eny fa na dia amin'ireo mpitondra fanjakàna aza. Mihazakazaka daholo ny manampahefana isan-tsokajiny manao fanambarana miara-ory amin'ny firenena frantsay etsy sy eroa, anisan'izany ny Filoha Andry Rajoelina. Ny fitiavana koa tsy terena fa mitsiry ho azy io, ka tsy omeko tsiny ianareo raha toa ka maminareo kokoa ny frantsay toy izay ny Malagasy mitovy aminareo satria izay no safidinareo. Tsy terena ianareo no hitia anay, nefa tadidio fa mbola ho sarotra izany fampihavanam-pirenena izany raha toa ka mbola izao ny toetsaina misy eto Madagasikara. Tsy maninona fa zakainay ihany ny anay, mbola ho avy ilay fotoana, hoy ihany izy.

***Nangonin'Isambilo***

Mpitrandraka volamena Fenoarivobe

# 6 tamin'ireo 10 maty tototry ny tany no hita

Nitrandraka volamena tany anaty lavaka hatrany amin'ny 19 m izy ireo no nihotsaka tampoka ny tany tamin'ny sabotsy 13 aprily lasa teo. 6 tamin'izy 10 lahy no razana hita. Mety hatsahatra ny fikarohana ireo razana sisa noho ny fahasarotan'ny fanalana ny ranontany. Hasiana marika hita maso ho fahatsiarovana eo amin' ilay toerana namoizan' izy ireo aina. Raha tsiahivina dia olona 10 no maty tototry ny tany, ka ny 06 no hita faty raha nandamoaka kosa ny fikarohana ny efatra ambiny. Nandefa iraka amin'ilay toeram-pitrandrahana volamena nitrangan'ny loza ny Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika ny alatsinainy teo, mba hijery ny zava-misy marina ary hitondra vahaolana, raha ilaina.



Nahitana solontena avy amin'ireo sampandraharaha eo anivon'ny Minisitera io delegasiona io, dia ny avy amin'ny fitsirihana ny harena an-kibon'ny tany, ny sampandraharaham-paritra, ny solontenan'ny "Agence Nationale de l'Or" (ANOR) ary ny solontenan'ny Polisy misahana ny harena an-kibon'ny tany. Ny Ministera tomponandraikitra ihany koa dia mampatsiahy ireo mpitrandraka rehetra mba hiditra amin'ny sehatra aradalàna, raha toa ka tsy mbola ao amin'izay mba hisorohana ny mety ho loza, fa indrindra ihany koa mba hametrahana ny mangarahara, mba ho fampidiram-bola ao amin'ny kitapom-bolampanjakana.

***Ny Valosoa***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mitanila ny fitondran-dRajoelina



**Zanak'i Gasikara Ofisialy :** mampalahelo be ny zava-misy eto amintsika amin'izao fotoana, tena mitanila be ny fitondran-dRajoelina. Rehefa mitaky ireo mpiasa maditra avy any Koweit dia notanterahana ny SITRAPON'IREO, mbola narahana fanomezana volabe manokana tsirairay koa NIREVENA !! Fa rehefa mitaky kosa ireo mpianatra izay mahatsapa fa tsy ampy sy mila fanavaozana ary mba AKARINA KELY ny vola kely raisiny dia BOMBA LACRY sy Daroka vody basy no mahazo azy ireo!!

Dia ozy aho hoe sao dia mba TSY RARINY !??!

Raketaka Rahaingo Raketamanga: indrisy izay ilay fianana eto antananà miandry an zalah panao Rap aloha mba hamoronkira momban zay.

**Rys Mel Nary :** zany no fiainana iainana aty e.....io no safidin'ny sasany kooooo!

La Lou : tena marina loatra. Za ary tena sorena mintsy. Mampalahelo ny mpianatra izay milofo sy mihezaka ary tena mahatsiaro mijaly nefa dia atao tsinontsinona.

**Odile Rabary :** hita, oà, mampalahelo zany.

Eulalie Razafinandriana : solution ny fitondran'i Andry Rajoelina : zero manatody.

**Rasoanatoandro Séraphine :** ny ankamarony ireo gasy nandeha niasa tany Koweït ange tsy niasa ny nalehany tany fa nitady lehilahy ary olona tsy manana experience hiasa mihitsy, tsy niasa ny ankamarony, jereo nitondra zanaka arabo ny sasany.

**Rys Mel Nary :** ka naninona hono tsy nijanona tany fa inona no niverenana indray ...efa azo ny lehilahy notadiavina.

**Zanak'i Gasikara Ofisialy :** tokony nijanona tany mitsy reo, ny mpianatra mianatra indray no tsy omen any vatsim-pianarana, n any zavatra tadiaviny!

*TONONKALO*

## MALAZA IANAREO

Nalaza ianareo tamin`ny fandrodanana.
Nampiaiky ianareo tamin`ny fanimbana.
Fa mihisatra be amin`ny fananganana,
Ka indro mitombo ny fahantrana.

Dia hoe lamasinina tena raitra.
(Karazan`ny mailaka sady tsara.)
Kinanjo hay ny kevoka be haitraitra,
Mpamitaka ireo "zanaka amam-para"!

Tsy zatra mizotra amin`ny lala-marina,
Fa tia misafidy ny miolakolaka,
Ka dia azo antoka fa hivarina,
Tsy maintsy ho potraka sy ho folaka.

Nalaza ianareo tamin`ny fandravana.
(Nahay ka dia tena nidehadehaka.)
Kanefa dia ontsa ny iray tanàna,
Fa volana telo dia misanehaka !

***DADAN`i ZINA (17-04-19)***

**ANTSIRABE**

# Hiavaka hatrany ny fankalazana ny Paska

Efa miaina anaty fety tanteraka ny tanànan'Antsirabe ary azo lazaina fa hangotraka tanteraka ny fankalazana ny fetin'ny Paka eny an-kianja, ankoatry ny any am-piangonana amin'ny maha fety Kristianina azy. Raha ny zava-misy dia ny Zoma no hanomboka ny fankalazana saingy amin'izao fotoana dia efa vory lanona avokoa ireo mpisehatra amin'ny lafiny fialam-boly. Toy ny mahazatra dia efa nofandrihan'ny orinasa mpamokatra labiera hatrany ny araben'ny fahaleovantena ka ampahany sisa no azon'ny Orinasa Comadis izay mpamokatra zava-pisotro ihany koa. Raha resaka fifaninanana dia azo lazaina fa efa sahy sy mahasahana ny hetsika ataon'ny orinasa hafa ny Orinasa Comadis satria nanofa toerana manokana mihitsy izy ireo no sady naka mpanakanto sangany ihany koa, ka hisy ny seho miavaka isan' andro eo amin'ny kianja "Le Rêve", izany, hamalifaliana an'ireo vahiny tonga eto Antsirabe. Isan' izay ny mpanakanto sangany : Basta Lion, Big MJ, Dalvis, Tence Mena, Zay, Pit Leo ary ry Mômety izay sambany ho hitan'Antsirabe ihany koa. Ankoatr' ireo fety manodidina ny Gara dia efa nanomboka ihany koa ny fety ara-pilazan-tsara ao amin'ny kianjan'ny kolontsaina Antsi- rabe, izay seho sehatra ara-pilaza-ntsara mazava ho azy. Ankoatra ireo dia eo iha-ny koa ny fifaninanana Rally izay tontosaina any Antsirabe faharoa any. Na izany na tsy izany dia misongadina hatrany ny resaka ara-barotra ao Antsirabe ao ankehitriny ary dia feno izany ny toerana malaladalaka rehetra.




*Afisy amin'ny fety hisy any Antsirabe.*

**Lezama**

**Paska Famonjena andiany faha-4**

# Hampiaina ny Paka fety Kristianina

Raikitra ny fankalazana ny fetin'ny Paka satria natomboka ny alarobia 17 Avrily izany ho an'ny hetsika ara-pilazantsara eto Antsirabe. Ho an'ny kristianina dia midika ho famonjena ny fetin'ny Paska. Ny fiorenam-po amin'ny finoana, ny fankalazana amin'ny fiainana ny filazantsaran'i kristy no tokony ho hita taratra amin'ny fetin'ny Paska. Izany indrindra no nahatonga ny "Diamant" hiazona hatrany ny hetsika "Paska Famonjena ho anao" izay tody amin'ny andiany faha efatra ankehitriny. Ny fikambanana Diadema Miarikofeno, ny Amboara Gospel, ny KT Faritra Antanivao, ireo no mitambatra ho "Diamant" mpikarakaraka ny hetsika. Hetsika ara-pilazantsara maro isan-karazany, fialamboly fifaninana mitsoka ovy sy mihinana sôsisy, ary fampisehoana hakingana momban'ny bisikileta no ao anatin'ny fandaharam-potoana. Ireo mpanakanto sangany eo amin'ny sehatry ny filazantsara toy ny Antsan'i Kristy, TGC, Joy's band, Groupe Ny Avo no handalo eo amin'ny lapihazon'ny Paska famonjena ho anao. Nanomboka ny alarobia 17 Aprily ary tsy hijanona raha tsy ny 22 Aprily ny hetsika eo anoloan'ny tranompokonolona. Nisantatra sy nanome voninahitra ny fanokafana ny hetsika "Paska Famonjena ho anao" ireo solotenampanjakana teto an-toerana notarihin'ny Prefet an'Antsirabe, ny avy ao amin'ny commune ambonivohitra Antsirabe, tsy adino ihany koa ireo avy ao amin'ny FFKM.



**Solohery**

**Tetikasa Pagose**

# Fanatsarana ny tolotra herinaratra hanomboka any Antsirabe

Ny talata teo dia nisy ny fihaonan'ny Tale Rejionaly JIRAMA sy ny Tale Jeneraly Orinasa ARATRA ary ireo delegasiona mafonja tamin'ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana, nampahafantarana ny tetikasa Pagose. Ity tetikasa PAGOSE ity dia tetikasampanjakana izay vatsian' ny Banky iraisam-pirenena vola, ka ny anton' ny fihaonana dia fampahafantarana fa hisy ny fanatsarana ny tambazotran'ny JIRAMA manerana an'i Madagasikara manomboka izao. Eto Antsirabe no hisantarana izany fanatsarana herinaratra izany, ka ny Orinasa ARATRA no hanao izany asa fanatsarana izany ho antsika eto Antsirabe. Marihina fa Fokontany 09 no voasakasik'ity fanamboarana ity. Tsy eto Antsirabe ihany no hanaovana izao fanatsarana izao fa ny amin'ny Faritra hafa ihany koa. Ary misy koa Orinasa hafa mandray an-tanana ny fanamboarana any amin'ny Faritra hafa. Toy izao izany ny fizotran'ilay endriky ny fanatsarana tambazotra: ilay "Transformateur" no tena hohamafisina ho tsara, ary efa misy ilay "ligne aérienne" JIRAMA iny izay misy fil "moyenne tension" mandalo amin'ny "transformateur" dia anjaran'ny Orinasa JIRAMA indray no manaparitaka ny herin'aratra. Nampahafantatra nialoha ny Orinasa ARATRA amin'izay mety ho fanelingelenina satria mety ho olon-kafa indray no hita eny amin'ny andrin-jiron'ny JIRAMA.

**Lezama**

## Sakafo Ny Valosoa



**Totonkena sy anandrano** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina: anandrano, toton-kena,, tongolo be, tongolo gasy, menaka ary sira. Tsara raha hatao ketsaketsa ihany fa tsy hatao be rony loatra. Azo ampiarahana aminy ny lasary voatabia. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Zavatra mahasoa tsara fitahiry ao an-trano

Mahasoa tsara fitahiry ao an-trano ireto zavatra ireto ary mahavonjy amin'ny sarotra:

-vinaigre de cidre: manala fanaintainan'ny vanin-taolana, maka 2 sotrokely afangaro amin'ny rano 1 kaopy, sotroina rehefa alohan'ny sakafo.

-sakamalaho: manala rivotra sy manala fanaintainan'ny hozatra: maka 1na 2 sotrokely amin'ny vovoka sakamalaho ,afangaro amin'ny sakafo.

-tongolo gasy: manasitrana aretin-tsofina, totoina dia iny ohatran'ny menaka iny atao goty in-2 isan'andro, hafanaina kely raha mety, rehefa marary an-doha koa dia maka tongolo gasy hasiny1 dia atao eo amin'ny sofina 1 avy eo hesorina rehefa minjanona ny fanaintainana.



-jirofo: rehefa marary nify, dia tsakoina moramora ny jirofo, manala fanaintainana haingana be.

-tamotamo: manala fanaintainana ary tena miaro amin'ny homamiadana maro, maka vovoka tamotamo 1 sotrokely, dia afangaro amin'ny sakafo isan' andro.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Antanifotsy any amin'ny faritra Vakinankaratra

Ny tanànan'Antanifotsy any amin'ny faritra Vakinankaratra indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'Antanifotsy ity tanàna ity. Ny lalampirenena faha-7 no mankany, any amin'ny 110 km miala an'Antananarivo mianatsimo no misy ny tanàna, eo Ilempona no mivily any Antanifotsy, eo amin'ny 2 km miala an'Ilempona no misy azy. Vokatra any ny vary, ny ovy, ny haninkotrana isan-karazany.



SEFAFI

# Milaza ny andraikitra sy ny ilana ny depiote

Amin'ny 27 mey ho avy izao, ny olompirenena dia hifidy solombavambahoaka 151 amin'ny kandidà 803 samy hafa karazana. Hita ao daholo izao rehetra izao : ao ny hindrankindrafana, ao ny tampohinkarena, ao ny mpanararao-paty; misy mpamono olona voaaro ho tsy maty manota satria solombavambahoaka, misy mpandraharaha mpanao kolikoly ; hita ao mihitsy koa ny olona matotra sy mahomby, saingy ho fantatry ny mpifidy efa voafitaka lava ve izy ireny ?

Mba hahafahan'ny olompirenena mifidy am-pisainana tanteraka, ny SeFaFi dia te hitondra fanazavana ho an'ny olona mikasika ny hevitra fototra ijoroan'ity fifidianana ity : ny antony ilàna solombavambahoaka ; ny fepetran'ny fifidianana mangarahara ; ny fanajana ny safidin'ny olom-pirenana ; ary ny tombontsoa mivaingana atolotra ny solombavambahoaka...

### Solombavambahoaka, inona no ilàna izany ?

Mazava be ny andininy 68 ao amin'ny Lalàmpanorenana: « Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no mandrafitra ny Antenimiera. Izy no mandany ny lalàna sy manara-maso ny asan'ny Governemanta ary ny fanaovana tombana ny politikam-panjakana ». Saingy asa na fanahy iniana na tsia fa tsy mahatontosa ny andraikiny ny solombavambahoaka. Zavatra hafa tanteraka no ataony, mba hahatsara azy eo imason' ny mpifidy, na mba hitangosana tombontsoa manokana : tsy anjarany ny manamboatra ny lalana, ny manome fitaovana ny sekoly, ny mamorona paompin-drano na ny manome baolina hanaovana kitra, na bodofotsy. Ireny asan'ny mpanao ronono an-tavy ireny dia tsy misy ifandraisany velively amin' ny asan'ny solombavambahoaka. Ambonin'izany, tsy vola manokan'ny olomboafidy akory no am- piasaina amin'izany, fa vola nomena hampiasa-in'ny antenimierampirenena, saingy izy tsy hi- laza izany na oviana na oviana.

Misy tomban'ny asan'ny antenimiera farany teo, mbola mijanona ho tsiambaratelo milaza izao zavatra izao : ny 2014 ka hatramin'ny 2018, ny Antenimierampirenena dia toa hoe nifidy lalàna 271. Ny faharetan'ny asa niantsoana fivoriambe dia ora 262 tamin'ny 2014, ora 167 tamin'ny 2015, ora 120 tamin'ny 2016, ora 124 tamin'ny 2017 ary ora 51 monja tamin'ny 2018 ! Raha atambatra, ora 344 izany no hoe natokana ho an'ny asa momba ny lalàna ary ora 166 ho an'ny fanarahamaso ny asan'ny Governemanta tamin'ny alalan' ny fanontaniana valiana eo noho eo matetika, tsy dia hita loatra izay ilàna azy. Tsy noraharahian'ny solombavambahoaka mihitsy kosa ny momba ny tomban'ny politika ho an' ny mponina (ny fitaovana nampiasaina mba hanatrarana ny tanjona mikasika ny asa, ny vidim-piainana, ny fandriampahalemana, ny fitaran'ny tanàn-dehibe, sns...

### Voafidy ary tsy mangalatra

Na eo aza ny fanambarana mampitonitony nataon'ny CENI sy ny HCC, samy mahalala daholo ny tsirairay fa tsy maintsy namboamboarina be foana ny fifidianana. Samy tsy maharototra an'izy roa ireo na dia misy mpifidy 2,5 tapitrisa aza, izany hoe 1 amin'ny mpifidy 5, tsy tafiditra ao amin'ny lisitry ny mpifidy. Ilay lalàna mamoa-doza mifehy ny fifidianana tamin'ny 2018, nolanian'ny solombavambahoaka voavidy vola vitsivitsy dia mbola tsy nasiam-panitsiana miaraka amin'ny fiarahamonimpirenena foana, nefa ny mpanatanteraka dia afaka mamoaka lalàna amin'ny alalan'ny didim-panjakana. Mandritra izany fotoana izany ny CENI sy ny HCC dia manasa vangy amin'ny hevitry ny teny hoe « fampielezankevitra mialoha », vanim-potoana tena ilàna fefy mba hiantohana ny fitovian'ny rehetra eo ampiaingana. Satria avela halalaka ny teti-dratsy sy ny ronono an-tavy dia efa manomboka ny fampielezankeviny sahady ny antoko sy ny kandidà.

Raha momba ny famatsiana ara–bola an'ireny fifidianana ireny, dia manjaka tanteraka ny gaboraraka. Satria tsy mangarahara mihitsy ny fitantanam-bola dia amin'ny fomba ahoana no hiadi-ana amin'ny kolikoly ataon'ny kandidà sy ny fividianany ny mpifidy ? Toy ny tamin' ny fifidianana filoha, ny kandidà dia tsy voatery hanamarina ny niavian'ny vola ampiasainy, na avy eto an-toerana na avy any ivelany. Ary tsy angatahina koa ny fanamarinana ny vola nolaniana.

### Ny fanajana ny mpifidy

Maro be ny kandidà « mahaleo tena », 515 amin'ny 803, porofo izany fa mihaosa ny antoko ary mahazo aina ny fiolonolonana eo amin'ny sehatra politika. Ao amin'ny andininy 72, ny Lalàmpanorenana dia manery ny olo-mboafidy amin'ireo kandidà 345 natolotry ny antoko mba tsy hiova raha tsy te haongana. Nefa satria tsy nanana antoko nanohana azy ilay filoha nolaniana tamin'ny andron'ny solombavambahoaka teo aloha (ny HVM dia noforonina taorian'ny nahavoafidy andRajaonarimampianina), dia maro be ny olomboafidy notarihiny hanohana azy. Ary io « fifindran-toerana» manohitra ny Lalàmpanorenana io dia mahagaga fa nankatoavin'ny HCC. Io hadisoana izay niteraka tsy fahatokisana intsony ny rafi-panjakana sy ny solombavambahoaka io ve dia mbola hiverina indray amin'ity fifidianana solombavambahoaka manaraka ity? Misy fepetra tsy maintsy raisina mba hanafoanana io fomba io. Ny fifindramonina politika mantsy dia nanjary fanatanjahantena mahazatra ny tompon-dakan'ny « famadihana palitao ». Nefa, fanajana inona no sahaza ny solombavambahoaka izay milaza ho avy amin' ny antoko na tsangan-kevitra iray kanjo mivadika amin'izany nony voafidy ? Ho ampy ve ny feon'ny fieritreretan'ny mpifidy hanasaziana izany fomba mamohehatra izany ka hanalana ireny mpanararaotra ireny eo amin'ny sehatra politika ?

Mbola misy koa fomba hafa fanaon'ny olomboafidy mamingavinga ny mpifidy. Anisan'izany ny tsy fahatongavana mivory ao amin'ny Antenimierampirenena. Iza no tsy nahita ireny toerana banga ireny sy ny solombavambahoaka vitsy kely mandany lalàna amin'ny anaran'ny namany 151 ? Iza no tsy tafintohina tamin' ny fampitomboana ny fivoriana tsy ara-potoana, mandany volam-panjakana saingy matavy be kosa ho an'ny solombavambahoaka izay mandray tambin-karama na dia tsy tonga mivory akory aza ? Iza no tsy nanakiana ny fiverenan'ny ministra teo aloha ao amin'ny Antenimiera indray rehefa nalàna tsy ho ministra intsony izy, ohatra ireny ilay tsy nisy na inona na inona ireny ? Ary iza no tsy tezitra nahita ny solombavambahoaka mpandraharaha, na dia voararan' ny Lalàmpanorenana aza ny hanaovany asa hafa ankoatra ny fampianarana (and. 71) ? Io andininy io ihany dia manamarina fa «manantanteraka ny asany araka ny feon'ny fieritreretany ary ao anatin'ny fanajana ny fitsipika fototra ny solombavambahoaka ». Feon' ny fieritreretana sy fitsipika fototra, ao amin'ny Antenimierampirenena ?

***Nangonin'Isambilo***

## NY TENY FIAINANA

*Ary raha ny masonao no manafintohinana anao, esory hiala izy, ka ario ho afaka aminao; fa tsara ho anao ny hiditra toka-maso amin'ny fiainana noho ny manana maso roa, nefa hariana any amin'ny helo mirehitra afo.*

***Matio 18:9***

Boriboritany faha-3

# Nisitraka fizahana maso sy nomena solomaso maimaimpona ny mpiasa



*Fizahana maso sy fizarana solomaso ho an'ny mpiasa tao amin'ny Boriboritany faha-3.*

Nisitraka ny fanampian'ireo mpanao asa soa tarihan-dramatoa Myriam AUBEL sy ny fianakaviany izay avy any Val d'Oise, Frantsa ny mpiasa sy ny fianakaviany tao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) Boriboritany faha-3 tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity. Ny tanjona tamin'izany dia fanatsarana ny fahaiza-manao eo amin'ny lafiny arak'asa mba tsy hisy diso ireo taratasy kirakiraina, ka tamin'izany no nanomezana maimaimpoana ny fijerena ny fahitan'ny mpiasa sy solomaso mifanaraka aminy avy, nandritra ny 2 andro tetsy Antaninandro. Nisy ny fizahana maso sy fizarana solomaso maimaimpoana nomena ireo mpiasa sy ny fianakaviany noho izany. Nandray ireo vahiny tao amin'ny Boriboritany faha-3 ny Delege RAZAFINTSALAMA Hery sy Kolonely Jaona Andrianaivo, izay vy nahitana an'ireto fianakaviana avy any Val d'Oise Frantsa ireto. Fisaorana lehibe no natolotry ny mpiasa ireto mpanao asa soa ireto.

***Helisoa***

Andranoambo Andohatapenaka II, Boriboritany I

# Nahazo foto-drafitrasa momba ny rano sy ny fidiovana avy amin'ny CUA



*Foto-drafitrasa notokanana teny Andranoambo Andohatapenaka.*

Notokanana ny faran'ny herinandro teo ireo fotodrafitrasa fidiovana sy fahazoana rano fisotro madio teny amin'ny cité Andranoambo ao amin'ny Fokontany Andohatapenaka II, Boriboritany Voalohany, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tonga nanome voninahitra ny lanonana teny an-toerana : nisolotena ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra, Andriamatoa Heriniaina Razafindrakoto, Lefitra faharoan'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, ny Talen'ny 3P CUA. Ny Association LOVASOA, ny Association EZAKA, ny Sefo Fokontany Andohatapenaka I,II,III, ary ireo mponina avy eny amin' ireo fokontany ireo. Tsara ny manamarika fa tamin'ny taona 2009 ity cité Andranoambo ity no efa vita, ary efa tamin'izany fotoana izany ihany koa no nahavitana ireo fotodrafitrasa izay tokanana ireto. Saingy ny olana tamin'izany fotoana izany dia ny tsy fisian'ny rano, afaka folo taona taty aoriana kosa dia tafiditra soa amantsara ny rano ary efa azo ampiasaina tsara ny toeram-pivoahana sy ity toerana fatsakana rano madio ity. Izao no tontosa dia noho ny fiarahamiasa tamin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny Association ary ny orinasa teny amin'ny manodidina dia ny tranom-barotra"Akoor Digue". Mba ho fikojana ity fotodrafitrasa ity dia hisy ny mpitantana dia ireo "Association LOVASOA", ankoatra izay dia misy ihany koa ny fandraisana anjaran'ireo mponina eny an-toerana ho fikojana ny foto-drafitrasa. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny "Association LOVASOA" dia ireo mponina ao amin'ny cité Andranoambo sy ireo avy eo anivon'ny Fokontany Andohatapenaka I,II,III ary Ankasina no hampiasa sy hisitraka ireto fotodrafitr'asa. Efa nisy ihany ny fotodrafitr'asa hafa saingy tsy maharaka ny filan'ny mponina. Mbola hiezaka hatrany anefa ireto "association" ireto ny hanampy izany mba hamaliana ny hetahetan'ny mponina ary mbola mangataka hatrany ny mba hampidirana jiro eny amin'ity faritra ity satria dia maizina am-pototry ny mazava. Ankoatra izay dia nanao antso avo ho an'ny JIRAMA ihany koa ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra mba hijerena ny vidin-drano izay mampikaikaika ireo Association mpitantana fotodrafitrasa eto an-dRenivohitra. Nanentana ireo mponina ihany koa ny CUA mba hikajy sy hikolokolo izany fotodrafitrasa izany.

***Aly***

Fifamoivoizana noho ny fetin'ny Paka

# Nanomboka ny alarobia teo ny fanisahana ny fiantsonana sasany ivelan'Analakely

Misy ny fandaminana vaovao noraisin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ireo mpitandro filaminana ahitana ny polisy nasionaly sy ny monisipaly ary ny Bopriboritany rehetra amin'ny fandaminana ny fifamoivoizana eto an-drenivohitra noho ny fetin'ny Paka. Mba hisoro- hana ny fitohanana eo afovoan'Analakely sy ha- hafahan'ny tsirairay manao Paska milamina dia nahisaka ivelan'ny afovoan-tanàna eo Analakely ny fiantsonan'ireo fiara fitaterambahoaka sasany manana fiantsonana ao Analakely nanomboka ny alarobia teo. Voakasik'izany ny taxi-be 133, 137, 138,… hisy ihany koa fandaminana ny fifamoivozana amin'ny faritra 67 ha sy Isotry iny , hajaina ny ora hifamezivezen'ny sarety, ny fanesorana sy fampidirana ireo mpivarotra ao amin'ny tsena. Ny alarobia teo no nanomboka izao asa fandaminana vaovao ny fifamoivoizana noho ny fetin'ny Paska izao araka ny na-mbaran'ny talen'ny fitaterana sy ny fifamezivezena an-tanàn-dehibe ao amin'ny CUA, Landy Raveloson.

***Serge***

**MPIANATRA HO MPITSABO**

## Manome 24 ora ny fitondrana handovana ny tambin-karamany

Mitokona amin'izao fotoana izao ireo mpianatra mpitsabo antsoina hoe "internes". Manome 24 ora ny fanjakana ireo mpianatra ho mpitsabo « internes » miasa amin'ny hopitalim-panjakana eto Antananarivo ireo, mba handoavana ny tambin-karaman'izy ireo nandritra ny efa-bolana. Mpianatra taona fahafito sy fahavalo ao amin'ny sampam-pampianarana ho mpitsabo eny amin'ny Oniversite ireo « internes » ireo ary efa manomboka miasa ao amin' ny hopitalim-panjakana. Miandraikitra ny fampihodinana ny hopitaly amin'ny ankapobeny ireto 'internes" ireto, ka isan' izany ny fiandrasana marary amin'ny alina, ny fandraisana an-tanana ny marary vao tonga, sy ny fanaraha-maso ireo marary mila fitsaboana tampoka. Raha tsy mivaly ao anatin'ny 24 ora ny fangatahan'izy ireo dia hampiato ny asany eny amin'ny hopitaly izy ireo anio alakamisy. Misy avy ao amin'ny hopitaly Befelatanana, HJRA Ampefiloha ary avy any amin'ny faritra Toamasina sy Mahajanga ireo mpianatra mpitsabo manao fitokonana eto Antananarivo ireo, raha toa ka efa nanomboka ny fitokonany andro vitsy izay ny any Toliary.

***Ny Valosoa***




*Ny grevy nataon'ireo mpianatra ho mpitsabo tetsy amin'ny HJRA Ampefiloha.*

## Taratasin'ny mpamaky


Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ho antsika rehetra ihany koa. Ny itiavako andRavalomanana dia ireto avy no antony: aleo haveriko eto fohifohy indray ho fan- tatry ny tanora majinika Mbola Kely taona , fa nandritry ny fitondran-dRAVALOMANANA maire an'Ant-RV 1999-2001: nisongadina be ny fivoarana teto Ant-RV tsy nisy lavaka na iray aza ny arabe , nanitatra lalana maro mba hialana @ embouteillage (67ha Atsimo ohatra). Namorona tsena maro (Anosibe) ! Nanao pavé LALANA maro (oh: Andravoahangy, vasakosy,…). T@ izy Filoha indray 2002-2008 dia nampiditra ny masomboly vary an-tanety ; 9.400 km ny lalana goudron vita (RN6- Vohipara-Manakara-Antsampanana -Vatomandry -Mahanoro-Alasora Ambohijanaka-Antalaha-Vohemar; Tana-Tulear presque tsara; Tana-Diego koa-Tampon' Ihorombe ; bypass - petite rocade - làlana Anosibe-Anosizato io, bord Mahajanga...). Tetezana maro - Tranompokontany sy E.P.P en dure. C.S.B I-II rehetra io misy fanafody sy Dokotera - Famoronana asa toy ny AGOA -M.C.A : niara-niasa t@ tantsaha (huile essentielle). Betsaka ny asa t@ ireo Zone franche marobe niavona ndray aza; Usine Agro Alimentaire nanandratra ny vita Malagasy , feno eran'ny tsena ny bon beurre sy ny yaourt namelona olona maro; Tsena Mahabibo - Tsaramandroso - Villa fonctionnaire Vatomandry sy trano traboina ; tsy nisy firy ny kidnapping sy fandrobana ; ny dahalo namboly fa tsy nangalatr' omby , henjana be ny discipline (oh: izay mamobe eny an-dalana tonga dia voasambotra ; izay miady mandratra olona dia migadra). Nidina be ny tahan'ny risoriso ; ny examen hidirana fonctionnaire na zandary na polisy tsy nisy risoriso zany, manaja asa ny zandary sy polisy ! Ny fonctionnaire niadana nahazo tombontsoa maro. Izay ambasadaoro mitady tsy hanampy azy tonga dia mody. Nefa ireo nanongana azy dia nandrava sy namotika nahatonga izao gaboraraka izao ; nofinofy ny fandrosoana raha tsy Ravalomanana ihany no tafaverina mitondra . FONCTIONNAIRES :

- nampiakatra 12% ny karama izy.
- nanome pécule de départ (12 mois de salaire ) ho an'ny mpiasa handeha retirety.
- nampiakatra 1000% ny indemnité OR.
- nampanao concours ny poste clé rehetra (SG- Directeurs..) tany anaty ministère.
- sahy niady tokoa t@ risoriso @ concours hiditra magistrat, police, gendarme.

-Nihinana tokoa ireo PR tratra nandray tsolotra!!

***Kelly Geant***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## SARIITATRA : 3 kilao indray mipika ny vary moran'i Zandry




Tsy nahatam-bady nandritry ny dimy taona

## Nijoro vavolombelona ilay vehivavy

Sarotra sy olana no nianjady tamin'ity vehivavy ity nandritry ny dimy taona. Tsy tana ao an-trano mihitsy mantsy ny vadiny satria vao herinandro monja no vita ny mariazin'izy roa dia tsy hita izay nalehan'ilay rangahy. Misy fotoana izy mody antrano hoy ity ramatoa ity dia lasa indray avy eo ary tsy tafody raha tsy andro maromaro indray. Efa mba nikarakara vatana ihany aho hoy izy ary natao izay fomba rehetra mba hijanonany ato an-trano fa lasa foana izy. Tamin'ny gazety hoy ity ramatoa ity no nahitako ny nomeraon'i Jessica 03387 395 41 mpitsabo eny Mandrosoa Ivato, ka izy no nanafaka ny fahoriako. Vao azoko antso tamin'io nomerao io mantsy ilay mpitsabo hoy izy dia nasainy nentina teny aminy ny sariny ary nisy fikarakarana nataony tamiko. Nampandroiny sy notroriny tamin'ny menaka manokana ny tenako iray manontolo hoy izy ary nisy hafatra napetrany raha vao mody ao antrano io vadiko io dia nisy fikarakarana natao taminy. Notanterahiko avokoa ireo hafatr'ity mpitsabo ity hoy izy, ka vantany vao nody tokoa ilay vadiko dia nampiasaiko ny fenefitra nomen'ity mpitsabo ity ahy ary taorian'izay monja hoy ity vehivavy ity dia tsy niala tao an-trano intsony izy ary hadinony tanteraka ny fialàny tao. Ny tsy afaka tao am-bavany fotsiny hoy ity ramatoa ity dia misy anaran'olona teneniny foana, saingy rehefa nanontaniana teny amin'ity mpitsabo ity izy io dia novaliany hoe nisy nanao ody ratsy tsy hivady aminao io olona io, ka izay no antony. Salama tsara izy mivady ankehitriny, milamina ny tokantranony ary foana teo ny ahiahy sy ny korontan-tsaina nahazo ity ramatoa ity taorian'ny fikarakarana nataon'i Jessica taminy.


***Namana***

Nino mpanao sary itatra

## Nampiseho ny talentany tetsy amin'ny AFT Andavamamba

Andry Nirina Andriambololona, fantatra amin'ny anarana hoe Nino, matihanina amin'ny fanaovana sary sy sary itatra. Nandray anjara tamin'ny fampisehoana sary an-tsehatra na "Concert dessiné en live " tetsy amin'ny Alliance Francaise Andavamamba izy afak'omaly ho fanehoana ampahibemaso izany talentany izany. " Somila " no tantara iray nentin'i Nino nampisehoana tamin'ny ankizy fa misy fomba Malagasy tsy mety atao amin'ny ankizy. Any amin'ny faritra avaratry ny Nosy iny, ny zaza teraka talata matetika dia ahiliky ny fiarahamonina, kanefa tokony homena ny toerany amin'ny alalan'ny ezaka ataony. Nitety faritra maro i Nino tamin'ity asa fanaovan-tsary ity, ka rehefa avy any Antsiranana ny tenany dia mandalo eto Antananarivo ary hihazo an'i Toamasina ihany koa. Ny taona ho avy no hikopak'elatra ho any ampitan-dranomasina izy, ao anatin'ny tetik'asa iray izay iarahany miasa amin'ny Alliance Française Antsiranana.

***Aly***



*Nino, tanora mpanao sary itatra manana ny maha izy azy.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**13/04/19 hatramin'ny 20/04/19**

- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 900-04-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TRANOMBAROTRA BAOLAI

## Hiavaka ny entana ao aminy amin'izao fetin'ny paska izao

Amin' ny vanim - potoanan' ny fetin' ny Paska sy fialantsasatra ny mpianatra toy izao, dia maro ireo izay nisafidy ny hiaraka amin ny fianakaviana hanamarihana izany. Ao anatin'izany dia vao nahatonga entana maro ny Tranombarotra « Baolai ». « Maro karazana ny entana vaovao izay lohalaharana amin' ny kalitao hatrany hita ato aminay izay mifanaraka tsara amin 'ny fahefa-mividy sy ny filan' ny daholobe. Isan' izany ny : réfrigérateur, Smart tv sy télé led misy antoka 1 taona, misy manomboka amin' ny 19 hatamin' ny 100 pouces, four micro - onde , panneaux solaires mono sy polychristalline, subwoofer , machine à laver, camera de surveillance à distance, lecteur divx/dvd, synthétiseur, sns…». Ny toerana ahitana ny Tranombarotra « Baolai » dia tsy miova fa : ao Bazar be Toamasina, eo Analakely : eo ampitan' ny Epp, Avenue de l' indépendance, sy eo ampitan' ny Kaominina (eo akaikin' ny Arret taxi-be 137) ary etsy Soarano ( eo ampitan' ny Firaisana I, ao amin' ny Seg sy eo ampitan' ny Epp Soarano). Dia hiavaka ao anatin' ny maro tokoa ny fetin' ny Paska miaraka amin' ny entana tsara kalitao hita ao amin' ity tranombarotra lehibe fanta-daza iray ity.

***Aly***




*Ireo entana miavaka ao amin'ny Tranombarotra Baolai.*

Alatsinain'ny Paska

## Hiavaka ny any Tapakala Ambodisaina Toamasina II

Toy ny isan-taona, hisy ny hetsika fanamarihana ny Alatsinain'ny Paska any Tapakala Ambodisaina any amin'ny distrikan'i Toamasina II, faritra Atsinanana. Hiavaka ny fanamarihana izany amin'ity taona ity any an-toerana ao amin'ny Village Ariane, izay tantanin'ny mpandraharaha momba ny fizahantany any amin'iny faritra iny, Ramatoa Eliane Andrianjatovo. Afaka mitondra sakafo ireo izay tonga any anj-toerana, saingy manofa chalet. Afaka mividy sakafo sy boisson na zava-pisotro koa ao an-toerana. Ireo izay ho any amin'ny Alatsinain'ny Paska io dia afaka mandeha fiara na sambo ao amin'ny Port Fluvial Toamasina. Hisy animation sy zumba miaraka amin'i Jifalahy Tarika Zoki Lala. Toerana maitso sy malalaka ny ao amin'ny Village Ariane, misokatra ho an'ny rehetra. Ho an'ireo mila fanazavana fanampiny dia afaka miantso ny 034 03 035 05.

***Aly***




*Ny village Tapaka Ambodisaina any Toamasina II.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 278**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0277)


***Mitsivalana***

- Tsenanay
- RN
- Kitoatoa
- Soa – (V)av(a)
- Mainty (Miv)
- Rindra (Miv)
- Eny – (L)iona

***Mitsangana***

- Taksibe
- Toy (Miv)
- Entanay
- Ri (Miv)
- Alahady
- M, N, O
- Aroa – In
- Arovany (Miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 278




**Mitsivalana**

**1.** Nahazo zaza **2.** Foibe fiantohana – Aotra – Zava-maniry **3.** Nandefa ivelany – Tsofoka **4.** Piso (BL) – Zava-mahadomelina **5.** Tsy ahitàna loto – Iry, tia (Miv) **6.** Samy lehilahy **7.** Matanjaka – Zava-maniry isan-karazany **8.** Tampisaka – Firenena vahiny (Miv) **9.** Fizaram-potoana (Miv) **10.** Vato fotsy – Mandoro

**Mitsangana**

**A.** Nandrahona tamin'ny basy **B.** Solontena – Faritra **D.** Salama – Rà (Miv) **E.** Hita eo amin'ny fery (Miv) – Mpanoritra anarana **F.** Folo sy folo – Tovona (Miv) **G.** Teny mandràra – Vorona **H.** Akory aby ! **I.** Mpanondro – Toerana Masina **J.** Afa-po ara-tsakafo – Litera mitovy **K.** Marika – Natsahatra

### Valiny Teny mifanaraka 0277

***Mitsivalana***

1 Tsaroanao **2.** Vary – Osa **3.** Raoka – Ny (Miv) **4.** Ny – Iva **5.** Naotony – Vy **6.** An – Asal(y) **7.** Kilasy – Oty **8.** Ala – Malaso (Miv) **9.** Isalorana **10.** Amalona – Fa (Miv)

***Mitsangana***

**A.** Taranaka **B.** Milina (Miv) **D.** Avana – Losa **E.** Rakitra – (V)al(a) **F.** Ora – Solo **G.** (T)ay – In – Nosy (Miv) **H.** Avia – Ala **I.** Ao Sola **J.** Osy – Votana **K.** Familiana (Miv)

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao
Njaka, Helisoa

**Ny filoha Ravalomanana nanolotra ny kandida depiote TIM boriborintany IV teny amin'ny Fasan'ny karana**







REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana -Tanindrazana -Fandrosoana
****************

COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO
--------
SECRETARIAT GENERAL
--------
DIRECTION DE L'URBANISME ET DEVELOPPEMENT
--------
N° [illegible] CUA/SG/DUD.19

### AVIS D'APPEL A MANIFESTATION D'INTERÊTS

**Pour la gestion du bloc sanitaire sis à Anosibe**

1- Etant Capitale de Madagascar, La Commune Urbaine d'Antananarivo s'efforce constamment de maintenir sa réputation en tant que « ville propre et attractive ». En instaurant une participation inclusive de sa population, elle encourage davantage cette dernière à contribuer au développement de la Vile d'une part, et à améliorer les ressources financières de la municipalité d'autre part.

2- Afin de maintenir l'ordre et la salubrité dans la Ville d'Antananarivo, la Commune Urbaine d'Antananarivo invite tous les intéressés à présenter leurs candidatures sur la gestion du Bloc sanitaire d'Anosibe pour une durée de Cinq (5) ans.

3- Les termes de référence des documents de consultation du projet peuvent être consultés gratuitement à l'adresse ci-dessous. Les candidats intéressés doivent fournir toutes les informations justifiant qu'ils sont en mesure de gérer le bloc sanitaire, à savoir :

- Une lettre de manifestation d'intérêt
- Tous les documents exigés dans les termes de référence

Les dossiers de manifestation d'intérêt doivent être déposés à l'adresse ci-dessous (avec une version électronique sur CD-ROM au plus tard le **14 mai 2019** à **16 heures** locales et portant la mention **« MANIFESTATION D'INTERÊT POUR LA GESTION DU BLOC SANITAIRE SIS A ANOSIBE - COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO ».**

Adresse : Commune Urbaine d'Antananarivo
Hotel de Ville Analakely
SECRETARIAT DUD
PORTE 36 – 1er ETAGE

Fait à Antananarivo le, 15 AVR 2019
LE DIRECTEUR ...



